# Mampiasa loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Ny lesona teo aloha dia nampahafantatra an'i Adry izay nametraka ilay fanontaniana hoe "Raha tena misy marina ny Andriamanitra be fitiavana, nahoana no avelany hijaly ny olona?" Mba hampiharana ny fikatsahana fahamarinana avy amin'ny loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra, dia makà minitra vitsy hamitana ny roa farafahakeliny amin'ireto sahanasa manaraka ireto. Raketo an-tsoratra ao amin'ny diary fandalinanao ny zavatra ianaranao.

1. Ray aman-dreny sy mpitarika ao amin'ny Fiangonana: Alefaso an-kafatra any amina ray aman-dreny iray na mpitarika ao amin'ny Fiangonana ny fanontanian'i Adry, ary hazavao fa mifanakalo hevitra momba ilay fanontaniana ianareo ao amin'ny seminera ary te hahafantatra izay eritreritr'izy ireo momba izany.
2. Vavaka: Ao anatin'ny vavaka iray mangina manokana dia angataho ny Tompo mba hanome tari-dàlana sy aingam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina momba io fanontaniana io. Raketo an-tsoratra ny eritreritra sy ny fahatsapana izay tonga aminao.
3. Soratra masina: Mitadiava soratra masina mety hanampy an'i Adry. Ohatra, mety ho azonao atao ny mamaky momba ny vahoakan'i Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay niaina ny fijalian'ny fahababoana ara-batana (jereo ny Môzià 23:21–23; 24:8–15).
4. Ireo mpaminanin'ny Tompo: Mitadiava fanambarana ara-paminaniana mety hanampy an'i Adry. Ohatra, vakio ity teny manaraka nambaran'ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) tao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



Ampahany amin'ireo zavatra mahasoa ianarantsika avy amin'ny fiainana ny fianarana mizaka ireo fotoam-pahakiviana sy fijaliana ary alahelo. Ireny zavatra iainana ireny mihitsy, izay mila tsy ho zaka matetika, no karazana zavatra iainana izay mampivelatra ny fahatakarantsika sy mamolavola ny toetrantsika ary mampitombo ny fangorahantsika ny hafa.

Satria nijaly izaitsizy i Jesoa Kristy dia mahatakatra ny fijaliantsika Izy. Mahatakatra ny alahelontsika Izy. Misedra zava-tsarotra isika mba hahafahantsika manana fangorahana sy fahatakarana bebe kokoa ny hafa. (Joseph B. Wirthlin, "Come What May, and Love It," *Liahona*, Nov. 2008, 27)

- Inona no nampianarin'ireo loharanom-pahalalana ireo ka tianao hozaraina amin'i Adry?

- Inona no zavatra nianaranao ka hitondra fanovana amin'ny fomba ikatsahanao ny valin'ireo fanontaniana sarotra?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.

PD60013873_654_042-teacher_handout-1